Fiakaran'ny vidin'entana

## Ahiana ny hisian'ny fipoahana ara-tsosialy 7


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 12 septambra 2019 Laharana 952 Vidiny : 400 Ar


Fifidianana ben'ny tanàna, CENI 3

## Hamoraina ny fandraisana ny antontan-taratasy firotsahan-kofidiana


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Depiote TIM eto Antananarivo 5

# Mangataka ny filoha Ravalomanana ho ben'ny tanàna



Vovoka be teny Soamandrakizay 6

# Tompon'andraikitra ny fitondrana



BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA 5

## Nankasitraka ny mpiasa noho ny fandraisana mahafapo natao tamin'ny Ray Masina



Ny Valosoa sy Hadihady 3

## 11 septambra 2001, nisy foana ny fampihorohoroana

CUA sy Action Contre la Faim (ACF) 5

## 49% ny ankizy latsaky ny 5 taona no tratran'ny tsifanjariantsakafo

Boriboritany faha-3 (CUA) 6

## Nisy ny fitsarana hahazoana kopia maimaimpoana faobe

**Daka kely**

Nataonareo nihosom-bovoka mihitsy ny mpokona teny Soamandrakizay ry Boaikely a !

Antsa Andriamihaja 5

## Kandida ben'ny tanàna TIM any Ambatolaona



*Conférence des Évêques de Madagascar*
**SECRETARIAT DE COORDINATION**
**102 bis, rue Cardinal Jérôme Rakotomalala**
**BP. 667**
**Antanimena Antananarivo – 101**

Antananarivo faha-10 septambra 2019

## FISAORANA AVY AMIN'NY FIVONDRONAMBEN'NY EVEKA ETO MADAGASIKARA

Homba antsika mianakavy anie ny fiadanana!

Ry havana,

Misaotra an'Andriamanitra isika fa tontosa antsakany sy andavany ny Fitsidihana apôstôlika nataon'ny Papa Ray Masina Fransoa teto amintsika. Namafy fiadanana sy fanantenana teto amintsika izy tamin'ny alàlan'ny famangiany, ny hafatra nomeny fa indrindra tamin'ny Eokaristia notarihiny teo anatrehan'ny vahoaka iray tapitrisa avy amin'ny Diosezy 22 sy avy amin' ny lafivalon'ny Nosy, vory lanona tao Soamandrakizay.

Samy faly isika rehetra satria nahazo tso-drano avy amin'ny Ray masina, isika sy ity Nosintsika ity. Tianay Evekan'i Madagasikara ny maneho etoana ny fisaorana mitafotafo sy ny fankasitrahana anareo rehetra izay nanampy anay mba hahatonga lafatra ny fandraisana azy. Singanina amin'izay :

1. Ny Filohan'ny Repoblika izay naneho ny maha Ray amandrenin'ny Malagasy rehetra azy ka nandray tamin'ny fo tokoa io Mpiandry Ondry iombonana ao amin'ny Eglizy Katolika sady Filohan'ny Fanjakana Vatikana io, sy nanao izay hahalavorary ny fandraisana ny Papa tamin'ny lafiny maro mba tsy hampitsanga-menatra ny firenena malagasy : nandray antanana ny fanajariana ny toerana hihaonan'ny vahoaka tamin'ny Papa, nanampy tamin'ny fampitaovana sy tamin'ny fanamorâna ny fampitàna ny vaovao eran-tany amin'ny alàlan'ny fitaovan-tserasera.
2. Ny Nonce Apostolique sy ny mpiara-miasa aminy izay nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka niaraka taminay Fivondronamben'ny Eveka sy ny fitondram-panjakana ka nahatontosa izao Famangiana apôstôlika nataon'ny Papa Fransoa izao.
3. Ny Praiminisitra sy ny mpikambana ao amin'ny governemanta
4. Ny Mpandrindra ankapobeny ao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ireo mpiara-miasa aminy : ny logistique, ny arofenitra, ny Serasera,
5. Ny mpitandro filaminana isan-tsokajiny, ny niandraikitra ny fahasalamana, ny fitaterana, ny mpanao lâlana, ny jiro sy rano.
6. Ny Air Madagascar sy ny tompon'andraikitra rehetra tao amin'ny seranam-piaramanidina Ivato.
7. Ny fiadidianana ny tanànan'Ivato sy Antananarivo renivohitra.
8. Ianareo mpiara-miasa akaiky aminay eo anivon'ny Fivondronamben'ny Eveka notendrenay hanomana ny Famangian'ny Papa : ny mpandrindra ankapobeny, ny Litorjia, ny Serasera, mpandrindra diosezana, Fahasalamana, ny Union des Supérieurs majeurs, Vovonan'ny Tanora, CEPAL ary indrindra ny volontaires.
9. Ny Diosezin'Antananarivo tarihin'ny Arseveka sy ny Eveka mpanampy, ny Vikera jeneraly, ary ny FFVA. Ireo Paroasy nandray ny mpivahiny avy any amin'ny Diosezy ivelan'Antananarivo.
10. Isaorana toy izany ireo olona tsara sitrapo rehetra nanampy tamin'ny soso-kevitra, nahafoy vola aman-karena sy fitaovana, indrindra ireo avy amin'ny Sehatra tsy miankina (Secteur Privé). Ny artistes
11. Ny Orinasa Karenjy nanao ny Papamobile
12. Isaorana ireo mpanao gazety tsy an-kanavaka sy ireo tompon'ny fitaovan-tserasera nanaiky nampita sy nampiaina maneran-tany ity fitsidihana apôstôlika ity sy ny hafatry ny Papa.
13. Isaorana ireo mpiasa tsy ankanavaka nandray anjara tamin'ny fanorenana foto-drafitrasa, tamin'ny fambolena ahitra sy tamin'ny fametrahana ireo estrades sy ny fandravahana ny toerana.
14. Isaorana ireo mpino rehetra na katôlika na tsy katôlika naneho fiombonana tamin'ireny fotoana ireny.
15. Farany, misaotra ny vahoaka malagasy rehetra tsy ankanavaka naneho ny fahendrena malagasy (dia ny fihavanana, ny fahaiza-mandray vahiny) ary indrindra ny fiombonam-po tamin'ny fitsidihan'ny Papa Ray Masina.

Enga anie ho tafapaka any amintsika tsirairay sy any amin'ny isam-pianakaviana ny fiadanana sy fanantenana nafafin'ny Ray Masina Fransoa.

Mahafaly anay ny manambara aminareo fa naneho mivantana ny hafaliany sy ny fahafaham-pony ny Papa Fransoa na dia fotoana fohy aza no nihaonany tamintsika ary gaga izy nahita ny hafanam-pontsika sy ny firaisankinantsika ary ny fahaizantsika mandray vahiny.

Mitso-drano anareo izahay Evekanareo!

Amin'ny anaran'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara

Son Éminence le Cardinal Désiré TSARAHAZANA

Filohan'ny FEM

## Ny Valosoa sy fakafaka

## Fampandrosoam-pirenena : natao ambanin-javatra ny singa antoka amin'izany

Mbola olana lehibe mampiferin'aina ny vahoaka Malagasy eo amin'ny fiainany andavanandro ny tsy fandriampahalemana, izay manjaka manerana ny Nosy. Tsy misy afa-miala amin'izany avokoa na ambanivohitra na an-drenivohitra. Fositra iray lehibe tsy mampandroso ny firenena io toe-javatra io. Hatraiza anefa ny herin'ny fitondrana amin'ny fiatrehana ny ady amin'izany. Nazava ny tenin'ny filoha Ravalomanana Marc ny talata lasa teo. "Tsy misy fiadanana, raha tsy misy fandriampahalemana", hoy izy. Ny filaminan-tsain'ny vahoaka no miantoka ny fitoniany miatrika ny asa fihariana ataony. Iaraha-mahita tsara anefa izay tsy fitoniana eo amin'ny vahoaka izay ary tsy atao ho mahagaga raha tsy misy fivoarany ny fiainam-bahoaka. Na dia nilaza sy niseho ho miady amin'io tsy fandriampahalemana io tamin'ny fanafarana fitaovam-piadiana samihafa hatramin'ny angidimby aza ny fitondrana ankehitriny dia tsy hita soritra misongadina aloha ny vokatra. Tsy mbola mandry fahalemana ny mponina, fa mbola mitohy mandry andriran'antsy lava…

Mampieritreritra fatratra ny tenin'ny mpanadihady iray izay nilaza fa tsy handroso mihitsy isika raha ho toy izao hatrany, raha tsy misy fahatsapan-tena sy fiovantsaina goavana eo amin'ny mpitondra. Mazava loatra fa nandinika lalina sy nahita ny zava-misy izy matoa niteny an'izany. Milaza handeha mafy ny fitondrana izay miseho ho mahalala sy mahatsapa ny fahoriam-bahoaka, kanefa tsy tafahataka amin'ny zava-nisy teo aloha izay notorontoroniny. Tsy hita mihitsy hoe niala tamin'ny fomba ratsy nataony tao anaty fotoanan'ny tetezamita izy. Ohatra iray lehibe amin'izany, ny tsy fisian'ny fiezahana hiroso marina amin'ny fampihavanam-pirenena. Io anefa no fototra iray lehibe ho amin'ny tosika amin'ny fampandrosoana ny firenena. Mazava loatra fa manao an-tsirambina na natao ambanin-javatra tanteraka ny tena zava-dehibe ilain'ny firenena ny fitondrana, hany ka tsy atao ho mahagaga raha mbola mihazohazo hatreto ny fandrosoana. Valo volana izao tsy mbola naneno ny akoho…

***Sôh'son***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Dokam-barotra

Tél. 034 79 076 00

Ny Valosoa sy hadihady

## Ny Valosoa sy Hadihady

# 11 septambra 2001, nisy foana ny fampihorohoroana

Feno 18 taona katroka omaly ny herisetra sy fampihorohoroana nitranga tany Etazonia, ny 11 Septambra 2001 , kapoka mahamay ho an'ny Amerikana, satria Etazonia dia tsy voakitika tamin'ny ady lehibe anankiroa: 1914-1918 sy 1939-1945, nisy ny fiaramanidina nidona tamin'ireo toerana malaza amerikana dia ny « Pentagone »: ministeran'ny fiarovana amerikana sy ny « World Trade Center », ilay tranokambana ahitana tranombarotra goavana ; nahatratra 2996 ireo namoy ny ainy, ka 19 mpampihorohoro, 2977 ireo tsy manan-tsiny, nahatratra 6291 ireo naratra. Namoaka fanambarana ny Filoha amerikana tamin'izany fotoana, George Walker Bush, hoe raikitra ny ady hamongorana ny fampihorohoroana, ny mpampihorohoro rahateo tsy niafina f'efa nitonona dia ry zareo Al Qaida notarihin'i Ben Laden. Tsy ny tany Etazonia ihany no nandraisan'ny fitondrana amerikana fepetra, fa manerana ny firenen-drehetra, izay misy teratany amerikana, isika teto Antananarivo samy nahatsiaro ny fisavana hentitra teny Amparibe satria mbola tao Ambohidahy ny Foibe ara-tsaina amerikana tamin'ireny fotoana ireny, sy ny teny Antsahavola nisy ny masoivoho amerikana. Ny Filoha Didier Ratsiraka, tamin'izany nampiantso mpanao gazety niresaka nandritran'ny valandresaka momba ny fampihorohoroana, mbola tsy hadino hatramin'izao ilay fehezanteny nambarany nanao hoe : « I don't understand ». Fa ny teto amintsika koa nisy foana ny fampihorohoroana, vokatrin'ny fahombiazan'ny Filoha Ravalomanana tamin'ny fifidianana dia nisy ny sakana natao tany amin'ny lalampirenena faharoa, sy tany Ambilomagôdra tany avaratra, ary ny tena loza dia ny fanapoahana ny tetezan'i Fatihita, ny sakana tao Brickaville. Izay ny tamin'ny taona 2002 fa tamin'ny taona 2009 , tsy mbola maty ao an-tsaina ny zava-niseho tamin'ny 26 Janoary 2009 nandorana ny haino amanjerim-pirenena , ireo fananan'olon-tsotra nirehitra teny Anosipatrana , Behoririka, Ankorondrano, sns… Ny filoha Andry Rajoelina ankehitriny no nitarika iny fanonganam-panjakana iny, izay asampampihorohoroana ihany koa. Ny 7 Febroary 2009 , nampivarahontsana ny faty olona teny Antaninarenina, ireo izay nohadihadiana teny amin'ny fitsarana dia samy nanambara fa voatifitra avy any aoriana avokoa , ny dikan'izany tsy avy ao Ambohitsorohitra no niainga ny fitifirana, tsy mbola nifarana ny fampihorohoana arak'ireny zava-nitranga tany Mahabo ireny, tamin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faharoa, izay namonoana ny delegen'ny Filoha Ravalomanana tany an-toerana. Ny zavatra azo ambara, mpitondra mpanongam-panjakana, mpampihorohoro no tonga eo amin'ny fitondrana ankehitriny, ka tsy mahagaga raha tsy mikoriana ny vola avy amin'ny mpiara-miombon'antoka avy any ivelany.

***Ny Valosoa***

R.M.D.M.

# Ravalo no hampandroso an'Antananarivo



Andriamatoa Marc Ravalomanana no tapakin'ny Mpikambana ao amin'ny vondrona R.M.D.M (Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara), hapetraka ho kandida amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna eto amin' ny Kaominina Antananarivo Renivohitra. Nilaza i Alain Andriamiseza Mpikambana ao amin'ny R.M.D.M fa mendrika ho an'ny Filoha Ravalomanana Marc no ho Ben'ny tanànan' Antananarivo Renivohitra, satria ity farany no lehiben'ny Mpanohitra ara-dalàna eto Madagasikara. Nanohy nanazava ity farany fa ny mponina Antananarivo foana no manapaka sy mametraka ny herin'ny fanoherana teto Madagasikara nandritra ny tantaram-pirenena, nanomboka ny fanjanahantany ary ny Filoha Ravalomanana no tsara toerana amin'ny fitarihana ny fanoherana. Mbola nanamafy hatrany Andriamatoa Alain Andriamiseza, fa hijoro ny hasin'ny Antananarivo raha hijoro hanohana miaraka ny kandida Marc Ravalomanana ny vahoaka sy ny herin'ny fanoherana rehetra. Nilaza i Andriamatoa Tabera Randriamanantsoa Mpikambana ao amin'ny R.M.D.M, fa mila olona mahay mifehy ny fitantanana ny tanànan' Antananarivo ny Ben'ny tanàna izay hapetraka eo amin'io toerana io. Nanohy nanazava Andriamatoa Tabera fa ny filoha Ravalomanana Marc ihany no efa manana traik'efa amin'ny fitantanana an' Antananarivo Renivohitra satria efa nisahana ny andraikitra ben'ny tanàna ity farany talohan'ny naha Filohampirenena azy tamin'ny taona 2012. Nanamafy Andriamatoa Tabera Randriamanantsoa, fa tsy mora ny nandresy lahatra ny Fioha Ravalomanana Marc ho kandida Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra satria ity farany efa Filoham-pirenena Malagasy tao anatin' ny fotoam-piasana indroa misesy ary mbola kandida nifaninana nandritra ny fihodinana faharoa nandritra ny fifidianana Filohampirenena izay notanterahina farany teo. Manentana an'ireo Fikambanana avy any amin'ny faritra izay monina eto Antananarivo mba hiara-hisalahy hanohana ny kandida Marc Ravalomanana amin'ny fifidianana Ben'ny tanàna izay hotanterahina tsy ho ela. Manentana an' ireo vahoaka mba hanatona ny Biraon'ny R.M.D.M raha hitady fanazavana misimisy kokoa mikasika ny antony fanohanana an'Andriamatoa Marc Ravalomanana. Nilaza ny Mpitandrina Edouard Tsarahame, mpikambana ao amin'ny R.M.D.M, fa hametraka antotan-taratasy filatsahan-kofidiana eny amin' ny OVEC Nanisana ny kandida Ravalomanana Marc miaraka amin'ny Vondron'ny fanoherana amin'ny alakamisy izao amin'ny 10 ora maraina, koa dia manentana ny vahoakan'i Antananarivo mba hiray fo sy saina hanotrona an'izany filatsahan-kofidiana hataon'ny kandida Marc Ravalomanana, sy ny Mpanara-dia azy eny an-toerana.

***Franck Razakambelo***

Fifidiananaben'ny tanàna

# Antomotra vao mikoropaka ny maro

Raha toaka nanome 48 ora aorian'ny anio, farafanaterana ny antontantaratasy filatsahan-ko fidiana ben'ny tanàna sy mpanolotsaina manerana an' iMadagasikara, ny eo anivon'ny Ceni, dia mbola maro hatramin'ny omaly no tsy nahafeno ny antontan-taratasiny akory eny anivon'ny Ovec. Mbola maro ihany koa ny kaominina no tsy manana kandida ben'ny tanàna noho ny resaka ara- bola sy antontan-taratasy tsy feno. Raha ny tatitry ny Ceni ny talata lasa teo mantsy dia mbola kandida 58 ihany no nametraka ny antontan -taratasiny eny anivon'ny Ovec manerana ny nosy raha 1695 ny kaominina manerana an'i Madagasikara. Anisan'ny tena misedra olana ny kandida tsy miankina. Ny eto Antananarivo renivohitra dia sahiran-tsaina mihitsy nykandidan'ny fanjakana satria ny mpanohitra dia nanolotra an'i Marc Ravalomanana izay matanjaka amin'ny fomba fitantanana sy ny traik'efa ananany tao anatin'ny fitondrana ny firenena malagasy. Sahirana ny fanjakana hitady olona ho kandida ben'ny tanànan' Antananarivo renivohitra satria kaominina manokana Antananarivo renivohitra. Anio dia i Lalatiana Ravololomanana no hanatitra ny taratasy filatsahan-ko fidiana eto Antananarivo renivohitra. Miandry izay mpifanandrina aminy ny antoko samihafa.

***Ny Valosoa***

Fifidianana ben'ny tanàna, CENI

# Hamoraina ny fandraisana ny antontantaratasy firotsahan-kofidiana

Araka ny didy aman-dalàna, hifarana anio alakamisy 12 septambra 2019 ny fametrahana ny antotan-taratasy filatsahan-kofidiana. Noho izany dia nanentana sy nangataka fiaraha-miasa tamin'ireo antoko politika, na ny vondron'olon-tsotra tsy miankina ny CENI mba hampirindra ny fitohizan'ny fikarakarana ny fifidianana. « Raha hitangorona amin'ny ora farany ireo mpilatsaka hofidiana amin'ny Kaominina maro ao amin'ny Distrika iray dia mety hananosarotra ny fandraisana ireo antontantaratasy », hoy hatrany ny nambaran'ny Filoha lefitry ny CENI. Araka ny fanazavana ihany, ny tombony voalohany amin'ny fanaterana mialoha ny antontan-taratasy dia ny hahafahana mijery akaiky ireo ary indrindra hahafahana manitsy sy manome fanamari- hana mialoha. Faharoa, na manao ahoana na manao ahoana dia tsy maintsy jerena manokana tahaka ny anakandriamaso ny endriky ny «maquette » ny kandida tsirairay ao anatin'ny biletra tokana. Raha sanatria tsy mety ny modely nomerika izay omen'ireo kandida dia hanahirana raha toa ka amin'ny ora farany vao hametraka ny antontantaratasy ireo kandida. Fahatelo, manome fotoana ho an'ny eo anivon'ireo mambra eo anivon'ny OVEC, mba hahafahany mijery ny antontan-taratasy rehetra tonga eo am-pelantanany, satria telo andro ihany aorian'ny fotoana hametrahana farany ny antontan-taratasy no omen'ny lalàna hijerena ireo antontan-taratasy ary tsy maintsy mamoaka ny lisitra ny OVEC aorian'ireo telo andro ireo. Raha toa ka miandry ny ora farany avokoa ny kandidà rehetra hanaterana ireo antotan-taratasy dia ho difotry ny asa tanteraka ireo mpiara-miasa eo anivon'ny OVEC. « Raha misy fotoana hahafahana mametraka izany antontan-taratasy filatsahan-kofidiana izany dia miangavy ny CENI, mba hirindràn'ny asa rehetra sy hifanampiana amin'ny fanaovana « enregistrement des candidatures ». Ny eo anivon'ny CENI dia efa miezaka ny manome tan-tsoroka mba
hanamorana ny ho fandraisana ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana apetraka eny anivon'ny OVEC. Ny Governemanta ihany koa amin'ny alalan'ireo rantsamangaikany: sampandraharaham-panjakana rehetra, izay voakasika amin'izao raharaham-pifidianana izao, indrindra amin'ny fanomezana singan-taratasy ilaina amin'ny fandrafetana ireo antontan-taratasy filatsahankofidiana dia efa manome toromarika mba hatao haingana ary indrindra ho tsorina ny fanomezana ireny antontan-taratasy ireny », hoy hatrany ny fanazavana. Ao anatin'ny fanamorana ny asa rehetra ihany, indrindra ho an'ireo kandida, dia notsorina avokoa ny dingana hahafahan'ireo kandida mandrafitra ireo antontan-taratasy rehetra ary natao manaraka ny didy aman-dalàna manan-kery mifehy ny Kaominina eto Madagasikara. Raha amin'ny antontan'isa voaray dia 158 no isan'ny taratasy filatsahan-kofidiana Ben'ny tanàna manerana an'ireo Kaominina 1695 manerana an'i Madagasikara, omaly alarobia ary 52 kosa no isan'ny antontan-taratasy filatsahan-kofidiana ho an'ny Mpanolon-tsainan'ny tanàna manerana an'i Madagasikara.

***Isambilo***

TONONKALO

## NY MPITONDRA SY NY VAHINY

Hadino mihitsy ny ambany tanàna,
Tsy voakarakara sy tsy mba voajery.
Fandraisam-bahiny no tena nafana,
F`ireo kosa, indrisy , nanjonitra irery !

Vahiny : fanaja , tsy lavina izany.
Mpiray firenena koa mila jerena.
Tsy ny olo-mandalo miserana ihany
No hany omen-kaja hampalaza ny tena.

Tsy vitsy ireo faly fa nandeha ny afera,
(Na dia nisy ihany aza ireo nitomany.)
`Nareo velon-kira fa nahazo dera
Fa hitondra inona ho anay `nefa izany ?

Toa mbola hitohy ihany ny fahantrana .
(Ny maro efa zatra ny mangasihasy !).
`Zay hoe fiadanana , fanantenana,
Tsy miandrandra intsony an`izany ny "gasy"!

Ny tenim-bahiny dia mety hahatsara:
Ny mamy atelemo , mangidy aloavy.
Vao mainka hihemotra ity firenena
Rehefa tsy mihaino ianareo mianakavy !

***DADAN`i ZINA (11-09-19)***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Atrik'asa momba ny tsifanjariantsakafo tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.**









### FJKM Ivoanjo Finoana

## Hisotro ronono ato ho ato ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph

An'isan'ireo mpitandrina tsy mba naka fialan-tsasatra tao anatin'ny taona maro nifandimby ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph Constant, mitondra ny Fjkm Ivoanjo Finoana, synodam-paritany Antananarivo andrefana. Taorian' ny Alahadin'ny mpitandrinany alahady lasa teo, dia fantatra fa hiomana amin' ny fisotroan-drononon'ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph Constant ny fiangonana ato ho ato. Fanompoam-pivavahana notarihan'ny filohan'ny firaisan'ny diakona sy ny loholona, Rafarahanta Voahangy raha ny mpitandrina misotro ronono, Rasolomanana Nehemie kosa no nitondra ny hafatr'Andriamanitra nalaina tao amin'ny Kolosiana3 :23 manao hoe « ary na inona na inona ataonareo, dia ataovy amin'ny fo tahaka ny ho an'ny tompo, fa tsy ho an'olona ». Tao anatin'izay 28 taona nitondran'ny mpitandrina ny Fjkm Ivoanjo Finoana izay, dia maro ireo ezaka samihafa efa vita, tao anatin'izany ihany koa anefa dia maro ireo olana samihafa, saingy vita ihany izay 28 taona izay. Niavaka iny Alahadin'ny mpitandrina iny satria nifanome tànana ireo mpino kristiana nanohana tamin' ny fomba hita maso ankoatry ny vavaka sy tsodrano ho an'ny mpitandrina mianakavy. Nambaran' ny mpitandrina eo an-toerana fa mbola vina ankoatry ny fametahana ireo anaran'ny mpitandrina nifandimby taorian'ny tsangam-baton'ny faha-150 taonan'ny fiangonana ny famontosana filazantsara ny nosy Madagasikara amin'ireo madiniky ny tompo mila vonjy. Hipoka ny Fjkm Ivoanjo Finoana ny Alahady io, ary fandraisana ny fanasan'ny tompo no namaranana ny fotoana tamin'izany.

***Rajo***



*Ireo birao sy komity ary diakona niara-niasa tamin'ny mpitandrina Razakariasa Elie Joseph Constant.*

## Sakafo Ny Valosoa



**Saosety sy totom-boanjo** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy. Dia mihinàna finaritra tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny maha zava-dehibe ny rano amin'ny vatana



Zava-dehibe amin'ny vatan'olombelona ny rano. Ireo fambara fa tsy ampy rano ny vatana:

1. Molotra maina sy mipetapetaka lava na asiana lokomena aza: io fahamainana io dia mety hiteraka fofona ratsy ho an'ny vava.
2. Tsy mivalan-drano matetika; rehefa tsy ampy rano ny vatana dia izay rano kely ao amin'ny vatana no tahiriziny, ka izay no mahatonga an'ilay tsy fivalan-drano.
3. Mitohana foana: ny ankabeazan'ny rano sotroina dia miasa ao amin'ny tsinay avokoa, ka izay tsy fahampian-drano izay no miteraka ilay fitohanana rehefa mivoaka.
4. Hoditra maina sy henjana: misy fiantraikany amin'ny hoditra ny tsy fisotroana rano ary manakana ny loto amin'ny vatana tsy hivoaka izany.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Belalanda any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana

Ny tanànan'i Belalanda any amin'ny distrikan'i Toliara II faritra Atsimo Andrefana indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Kaominina an-drenivohitra ity tanàna ity, iva toerana izy satria amoron-dranomasina, 12 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Vokatra any ny haninkotrana isan-karazany, mpiompy omby, ondry ary osy koa ny any an-toerana.



**Karazana trano hita any Belalanda Toliara II.**

## NY TENY FIAINANA

***Filipiana 2:17***

*Eny, na dia haidina ho fanatitra aidina eo amin'ny fanatitra sy fisoronan'ny finoanareo aza aho, dia faly ka miara-mifaly aminareo rehetra.*

### BEN'NY TANÀNA LALAO RAVALOMANANA

# Nankasitraka ny mpiasa noho ny fandraisana mahafapo natao tamin'ny Ray Masina

Afapo tamin'ny asa rehetra nataon'ny mpiasan'ny fiadidiana ny tanàna, tamin' ny fandraisana ny Ray Masina François, ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Namory ireo mpiasa rehetran'ny kaominina, nanatanteraka ny asa fanadiovana sy fandaminana ny tanàna nandritra ny fandalovan'ny Papa François, ny talata teo, tetsy amin'ny lapan'ny tanàna Analakely, ny ben'ny tanànan' Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ireo mpiara-miasa aminy akaiky, nahitana ihany koa ny mpanolotsaina manokana Marc Ravalo- manana, ny lefitra voalohany sy faha-2 ny ben'ny tanàna : Olivier Randrianarisoa sy Julien Andriamorasata, ny sekretera jeneralin'ny kaominina Randriamasinoro Tahiry Ny Riana, ny talen'ny kabinetra Ranjakasoa Mparany Gahy. Tamin'izany no nankasitrahan'ny ben'ny tanàna ireo mpiasa rehetra tsy ankanavaka, fa tsy nitsangamenatra Antananarivo tamin'ny fandraisana ny Ray Masina, sy ireo vahiny rehetra, na ny avy any ivelany, na ny avy any amin'ny faritra, tonga teto an-drenivohitra. Efa asan' ny fiadidiana ny tanànan'Antananarivo andavanan- dro ny fanadiovana sy ny fandaminana ny tanàna, koa tsy mijanona tamin'ny fandalovan'ny Papa François izany, fa mitohy hatrany, hoy ny ben'ny tanàna. Fa nandray fitenenana nandritra an'izany koa ny mpanolotsaina manokana Marc Ravalomanana, nambarany fa ilaina hatrany ny fifandeferana araka ny hafatra napetrak'i Papa, izany dia miteraka tsy fanilikilihana. Nasiany resaka koa ny momba ny mpiasan'ny CUA teo aloha naiditra am-ponja noho ny resaka fivarotana tany, ny mpivarotra sy ny mpividy hoy izy dia tokony ho voasaringotra amin' izany avokoa. Mahakasika ny fitazonana ny talen'ny CUA teny amin'ny polisy, momba ilay raharaha helikoptera tetsy Mahamasina dia nilaza ny mpanolotsaina manokana Marc Ra- valomanana, fa tsy ara-dalàna izany satria tsy nisy fiantsoana, fa nalaina am-pitaka fotsiny ity tale ity. Mbola nohamafisiny fa maniry ny hihaona amin'ny filoha Rajoelina izy ao anatin'ny fifanatonan'ny mpanohitra sy ny mpitondra, sy ny momba ny fampihavanam-pirenena.

***Isambilo***



*Ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana tetsy Analakely ny talata teo.*

### Antsa Andriamihaja

# Kandida ben'ny tanàna TIM any Ambatolaona

Voapetraka omaly 11 septambra 2019 tao amin'ny OVEC Manjakandriana ny taratasy filatsahan-kofidian'i Antsa Andriamihaja, kandida ben'ny tanàna ao amin'ny kaominina Ambatolaona distrikan' i Manjakandriana avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Tonga maro ireo mpikatroka TIM tao an-toerana nanotrona azy tamin'izany . Vonona hitondra fampandrosoana an'Ambatolaona araka ny tarigetran'ny filoha Marc Ravalomanana isika hoy ny kandida Antsa Andriamihaja, raha tonga soa aman-tsara eo amin'ny toeran'ny ben'ny tanàna. Zanaka Ambatolaona ny tenany ary hitondra valim-babena ho an' ny mponina any amin'ity kaominina ity.



*Ny kandidà Antsa Andriamihaja avy amin'ny TIM, hirotsaka ben'ny tanàna any Ambatolaona.*

***Helisoa***

### Depiote TIM eto Antananarivo

# Mangataka ny filoha Ravalomanana ho ben'ny tanàna

Nanao tafa tamin'ny mpanao gazety tao Bel'Air foiben-toeran'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) omaly, ny solombavambahoaka voafidy teto Antananarivo Renivohitra . Nambaran'ny mpitondra teny, ny depiote Fetra Ralambozafimbololona tamin'izany, fa araka ny fangatahan'ny vahoaka maro an'isa eto Antananarivo sy manerana an'i Madagasikara, ireo mpikambana TIM ary ireo mpanohana ny filoha Marc Ravalomanana. Araka ny fangatahana nataon'ny depiote TIM nandritra ny kongresin'ny antoko TIM teny Tanjombato . Amin' ny maha renivohitr'i Madagasikara an'Antananarivo amin'ny tokony hamerenana ny hasiny , ny toerany, ny fandrosoana , ny filaminana eto amin'ny renivohitry Madagasikara dia mangataka ny filoha Marc Ravalomanana izy ireo ho ben'ny tanànan'Iarivo, izy ihany hoy izy ireo no mendrika sy hahavita hampandroso ity renivohitr'i Madagasikara ity. Mila olona voasedra , mila ray aman-dreny Antananarivo , sahy sy manana traikefa , mila olona efa nanaporofo fa nahavita sy mahavita ary hahavita . Mila olo- na manetry tena , tsy mieritreritra hafa-tsy ny tombontsoa iombonan'ny maro an'isa , tsy mpihatsaravelatsihy , tsy mpanao kobaka ambava sy fampa- nantenana poak'aty, fa mahalala ny lalana aleha sy ny fomba ahatongavana amin'ny tanjona dia ny fandrosoan'Antananarivo. Noho ireo antony rehetra ireo hoy ny depiote TIM voafidy tao amin'ny boriborintany faha 5, Fetra Ralambozafimbololona, izahay depiote voafidy teto Antananarivo hoy izy dia mangataka ny filoha Marc Ravalomanana hanaiky ho kandida ben'ny tanàna eto Antananarivo Renivohitra . Fantatray sy inoanay hoy izy fa olona mahay manetry tena ny filoha Marc Ravalomanana izay efa teo amin'ny toeran'ny filohampirenena, ka tsy hanambany azy velively izany satria fantatray loatra hoy izy ny fitiavan'i Dada an'Antananarivo, Antananarivo rahateo koa dia tsy mitovy amin'ny kaominina hafa fa kaominina manana sata manokana.

***Helisoa***

### CUA sy Action Contre la Faim (ACF)

# 49% ny ankizy latsaky ny 5 taona eto Antananarivo no tratra ny tsifanjariantsakafo

Manatanteraka atrikasa ho fitadiavana vaha-olana maharitra, amin'ny tsifanjariantsakafo mahatratra 49% ny ankizy latsaky ny 5 taona eto Antananarivo Renivohitra, etsy amin'ny lapan' ny Tanàna Analakely androany, ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) sy ny ONG ACF : Action Contre la Faim.

Araka ny fanadihadihana nataon'ny ONG « Action Contre la Faim (ACF) », teto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), tamin'ny volana Mey sy Jona 2019 dia 49.3% ny zaza latsaky ny dimy taona no tratran'ny tsifanjariantsakafo mitarazoka, raha 48% izany amin' ny faritra Analamanga (MICS 2018) ary 4.5% amin'ireo zaza ireo dia tratran'ny tsifanjariantsakafo mahery vaika.

Anisan'ny tetikasa aratsosialin'ny Ben'ny tanàna Lalao RAVALOMANANA ny fiadiana amin'ny tsifanjariantsakafo, tamin'ny alalan'ny fanaovan-tsonia ilay fifanarahana antsoina hoe « Pacte de Milan » ny taona 2017. Tanàn-dehibe 199 maneran-tany no mitovy fijery nanao sonia izany fifanarahana izany, izay maneho fahavononana ara-politika amin'ny fanganana rafitra fiahiana ara-tsakafo maharitra ho an'ny tanàn-dehibe.

Ireto singa enina lehibe ireto no heverina hapetraka mba handrosoana vahaolana azo tsapain-tanana amin'izany : ny fitantanana ara-tsakafo, fanjariantsakafo maharitra, famokarana ara-tsakafo, famatsiana ny fitsinjarana, fitoviana lenta ara-tsosialy sy ara-toekarena ary fampihenana ny fako azo avy amin'ny sakafo. Marihina fa anisan'ny tanàn-dehibe 03 maneran-tany mitarika ny fanatan- terahana ny paikady amin'ny famongorana ny tsifanjariantsakafo voafaritra ao amin'ny fanekena ny Renivohitr'i Madagasikara.

Ireto avy ireo efa vitan'ny CUA amin'izay ady amin' ny tsifanjariantsakafo izay:

- Toeram-pambolena ao Antanimena,
- 106 ny mpamboly an-tokantrano,
- 11 ny tetikasa fiaraha-miasa tanterahin'ny ONG sy fikambanana,
- 30 ny EPP manana toeram-pambolena anomezana tohana ho an'ny ankizy.

***Aly***

### Boriboritany faha-3 (CUA)

# Nanatanteraka fiofanana ho fiomanana amin'ny fiatrehana ny loza voajanahary amin'ny fotoam-pahavaratra

Nisy ny fampiofanana sy fizarana traikefa ho an' ireo « ELS na Equipe Locale de Sécurité de la Gestion des Risques et Catastrophes » avy eny anivon'ny fokontany miisa 34, izay mandrafitra ny Boriboritany fahatelo, Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) omaly, izay notanterahana tetsy amin'ny salle de mariage ny boriboritany Antaninandro . Tonga nampiofana azy ireo teny an-toerana ny tompon'andraikitra avy ao PCO « Poste de Coordination Opérationnel »/GRC ny CUA, notarihan'ny Colonel Andrianaivo Jaona. Ny votoatin'ny fampiofanana dia ny fiomanana amin'ny mety ho fisian'ny loza voajanahary amin'ny fotoam-pahavaratra, ny fepetra tokony ho raisina eny anivon'ny fokontany tsirairay. Eo koa ny fampahafantarana ny zavamisy sy ny hetaheta eny amin'ny fokontany, mialoha sy ao anatin'ny tranga, amin'ireo tomponan' andraikitra isan- tsokajiny: Cua, Apipa, Samva…, mba ho fiisorohana sy fialana amin'ny loza mety hitranga. Ny fampianarana ireo mponina eny anivon'ny fokontany amin' ireo zavatra tokony hataony amin'ny loza sy ny tranga mety hisy. Nanambara ihany koa ny tomponandraikitra avy ao amin' ny PCO, fa manomboka ny volana martsa hatramin'ny oktobra dia miomana amin'ny fiatrehana ny loza vonjanahary ny fokontany rehetra eto andrenivohitra, indrindra eny amin'ny faritra iva . Misokatra malalaka ny varavarana ho an'ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ho an'ireo izay manana hetaheta eny anivon'ny fokontany mikasika ny fiatrehana ny loza voajanahary, eny amin'ny biraon' ny PCO eny Anosipatrana.

***Aly***

**Boriboritany faha-3 (CUA)**

## Nisy ny fitsarana hahazoana kopia maimaimpoana faobe

Notanterahina omaly ny « Audience » na ny fitsarana ho fanomezana kopia maimaimpoana faobe, izay karakarain'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) Boriboritany fahatelo, izay natao tetsy amin'ny salle de mariage Antaninadro. Miisa 70 ireo fianakaviana hisitraka kopia faobe amin' izany. Izao hetsika izao dia tafiditra indrindra amin'ny vinan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana amin'ny fanampiana ny vahoaka ara-tsosialy. Ny tanjona amin'izao fikarakarana hetsika izao dia ho fanampiana ireo ankizy eny amin'ny fokontany tsy manana kaopia, satria zava- dehibe amin' ny fiainana sy ny ho aviny eo amin'ny maha olompirenena ny fananana kopia.



*Ny fitsarana natao tetsy amin'ny Boriboritany faha-3, hahazoana kopia maimaimpoana ho an'ny ankizy.*

***Aly***

Vovoka be teny Soamandrakizay

## Tompon'andraikitra ny fitondrana

Fatiantoka 100% no nahazo an'ireo mpivarotra sakafo teny Soamandrakizay nandritra ny fandalovan'ny Papa François ny faran'ny herinandro teo, nohon'ny fitaka natao'ny Mpikarakara AB Event. Nahatratra 16 Millions Ar, ka hatramin'ny 20 Millions Ar isaky ny tranoheva, izay efa mananika ny 200 mahery ny vola very hoy i Maitre Ramaroson Tantely, mpisolo vavan'ny Mpivarotra. Feno vovoka sy nasiso avokoa ireo sakafo masaka izay efa vita homana haroso ho an'ny Mpizaika hoy ity Mpisolo vava ity ary ny tena loza dia efa nampiomanin'ny Orin'asa AB Event sakafo miisa 2000, ka hatramin'ny 4000 "plats" isaky ny tranoheva ireo mpandray anjara. Nanohy nanazava i Maitre Tantely fa nampanantena fandrarahana rano sy fametrahana akora misakana ny vovoka tsy hiparitaka avy any Inde ny AB Event kanefa tsy nisy nataony akory izany rehetra izany. Nanome antoka fa handrindra tsara ny famatsiana herin'aratra ho an'ny tranoheva tsirairay ity Orin'asa mpikarakara ity kanefa dia tapaka tanteraka ny famatsian-jiro. Mbola nanohy nanazava ity Mpisolo vava ity fa narodan'ny AB Event talohan'ny fotoana ihany koa ireo Tranoheva, ka tsy afaka nisakafo ny olona raha vantany vao tapitra ny Lamesa. Niezaka nifandray tamin'ny tompon'andraikitra ao amin' ny AB Event ireo mpivarotra kanefa tsy azo antso ity farany. Fehiny, ny Orin' asa AB Event no tompon'antoka tanteraka tamin'ny fahavoazana rehetra nahazo ny mpivarotra teny Soamandrakizay hoy i Maitre Ramaroson Tantely ary hitondra ny raharaha any amin'ny Fitsarana ireto farany, raha tsy misy fifampiresahana miaraka amin'ny AB Event.



*Naneho ny alahelony tetsy amin'ny Hotel Le pavé Antaninarenina NY Alarobia ireo Mpivarotra eny Samamndrakizay.*

***Franck Razakambelo***

**SARIITATRA :** Dia iza indray no vahiny manaraka isehosehoan-dRajoelina





Jessica mpanotra

## Manentana ny marary hamonjy Hôpitaly

Vao 6 tao monja i Jessica mpanotra eny Mandrosoa Ivato dia efa nanana fanomezam-pahasoavana avy amin' Andriamanitra. Nanomboka teo izy dia efa nitsabo olona sy manotra ireo rehetra manana olana. Anisan'ireo maro tonga teny aminy ireo vehivavy tsy miteraka nefa te-hanan-janaka, ka vao notroriny tamin'ny menaka manokana dia nahazo zaza sady salama no bolangina. Teo ihany koa ireo manana olana ara-pitiavana mihitsy satria voan'ny mosavy samihafa, saingy nivaha ny olana rehefa nokarakarain'ity mpitsabo ity. Mbola maro ihany koa anefa ireo vehivavy tsy mahazo vady fa votsotra foana, na rehefa tsy izany dia tsy mety miteraka na marary ihany koa. Santionany ihany ireo, fa na lehiahy tsy salama sy malemy, tsy tian'ny vadiny, tokantrano tratry ny bekorontana sy tsy tiamainty, tsy mety mahatam-bady sns… dia nahazo fahasoavana sy sitrana ihany koa rehefa nokarakarain'ity mpitsabo ity ka nampisotroiny rano manokana. Tsy vitsy ihany koa anefa ireo vahiny avy any ivelany no tonga eny aminy rehefa nahalala ny nomeraon'i Jessica 03387 395 41, ka nahazo azy rehefa niantso. Nahazo fahafaham-po avokoa ireo tonga teny aminy ary sahy mijoro vavolombelona mihitsy. Maro ireo tratry ny aretina tsy fanta –pototra tonga eny aminy, saingy asainy manatona toeram-pitsaboana foana satria tsy manentana olona hanatona azy izy, fa ny olona no mahatsapa fahasoavana no tonga eny aminy. Miaramiasa mantsy ny zavatra rehetra hoy izy, ary samy manana ny anjarany ny rehetra ka tsy misalovana ny anjaran'ny hafa izy .

***Namana***

Dokotera Rakotonoely Domoina

## Mahazo vahana ny aretina « kohaka mitarika lavalava » ankehitriny

Betsaka ny olona voan'ny aretina « Bronchite sub Aigu", na ny kohaka mitarika lavalava izay maharitra 10 andro, ka hatramin'ny 15 andro eo ho eo, izay manelingelina ny fiatrehana ny andavanandrom-piainan'ny olona ary atahorana hihombo raha toa ka ratsy fitsaboana. Ny vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro, izany hoe vanim-potoana ririnina hivadika andro mafana no manome vahana ny aretina kohaka mitarika lavalava hoy i Dokotera Rakotonoely Domoina Soa Kanto, mpitsabo etsy amin'ny totohabaton'Ambondrona. Anisan'ny mampahazo aina ny aretina ihany koa hoy ity Dokotera ity ny fahazaran-dratsin'ny olona amin'ny fanaparitahana rehoka sy rora ary ny mosara fanary « Mouchoir à jeter». Eo ihany koa ny tsy fahampian'ny vola, ka tsy manana fahefana mitsabo tena na miandry efa mihombo ny aretina, izay vao manatona Mpitsabo. Anisan'ny mampihombo ny aretina kohaka mitarika lavalava ihany koa hoy ny Dokotera Rakotonely Domoina ny tsy fanarahana antsakany sy andavany ny toro-marika omen'ny Dokotera amin'ny fihinanana fanafody. Ary ny farany anisan'ny mampahazo aina ny aretina « Bronchite Sub Aigu » ny fisotroan-drano tsy mangotraka sy ny fahazarana manao akanjo tsy mafana. Nanamafy ity Mpitsabo etsy amin'ny totohabaton'Ambondrona ity fa rehefa tsy matin'ny fanafody ny otrik'aretina dia mitombo hery ary mifototra amin'ny vatan'olombelona, ka tokony handray fepetra mifanandrify amin'izany ny olona mba tsy hiafara amin'ny fomba fiteny hoe: « Namono biby tsy mahafaty ka nifoteran'ny rambony ».

***Franck Razakambelo***



*Tsy mitsahatra manome toro-hevitra aram-pahasalamana ho an'ny Mpiara-belona aminy i Dokotera Rakotonoely Domoina.*

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE 07/09/19 hatramin'ny 14/09/19**

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **MAHAFALY** (Près Terminus 165 Mahatony Ivandry) 034 10 937 11
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinema Rex) 020 22 547 49
- **RALISON** (Antanimena) 020 22 226 14
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 020 24 570 38/034 64 838 61
- **ANDOHATAPENAKA** (Route FDC près station Galana) 020 22 670 70/ 034 02 670 70/032 12 670 70

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama: Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25

Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :** Rahelisoa A. 034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:** Isambilo: 033 24 783 65, Rajo: 033 80 022 53, Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :** Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:** Aris: 034 17 460 53, Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:** Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:** gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 952-09-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FITANTANANA HOTEL

# Nohatsaraina ny fiaraha-miasa eo amin'ny sekoly Havilla sy ny B.H.M.S.



*Ireo Tompon'andraikitra ao amin'ny Sekoly Havilla sy ny Sekoly B.M.H.S Suisse.*

Fanamafisana fiaraha-miasa eo amin'ny Sekoly Havilla, Sekoly ambony manofana mpianatra amin'ny fandrahoana sakafo sy fitantanana trano fandraisambahiny, sy ny Sekoly B.H.M.S (Business et Hotel Management Suisse). Voasoritra ao anatin'ny fiaraha-miasa ny fampitoviana ny fandaharampampianarana eo amin'ny Sekoly roa tonta, eo ihany koa ny ny fanamafisana traikefa ho an'ny mpampiofana eny anivon'ny sekoly mba ho tena matihanina. Voasoritra ao anatin'ny fiaraha-miasa ny fampivelarana ny fandraharahana Malagasy eo amin'ny sehatra iraisampirenena eo amin'ny fitantanana trano fandraisambahiny sy ny fizahantany. Nilaza i Chef Toky mpitantana ny Sekoly Havilla etsy Mamory Ivato, fa ahitana fampiofanana 2 karazany ny Sekoly, voalohany ny "formation professionnelle", izay maharitra 6 volana ary ny faharoa ny "cycle long", izay mahatratra 2 taona, ka lalam-piofanana miisa 4 no ampianarina ny mpianatra ao anatin'izany ny fikirakirana ny nahandro; ny fianarana momba ny fandraisana sy fampiantranoana olona; ny fizahantany sy ny fikarakarana lanonana eny amin' ny "Hotel de luxe"; ary ny farany ny fitantanana trano fandraisam-bahiny. Nanamafy kosa Ramatoa Andrianarison Tompon'andraikitrin'ny Serasera sy ny Varotra ao anivon' ny Sekoly B.H.M.S faritra Afrika, fa ny Sekoly B.H.M.S no mandray an-tanana sy miandraikitra ny fikarakarana an'ireo antotan-taratasy mikasika ny fandehanana sy ny fanohizana ny fianarana mankany ivelany: "Campus B.M.H.S", rehefa mahazo ny vatsimpianarana aorian'ny mason-tsivana nataon'ny Sekoly Havilla ny ankizy. Nanohy nanazava ity farany fa tsy maintsy mahita asa ireo mpianatra mivoaka amin'ny Sekoly B.M.H.S any Suisse, nohon'ny fisian'ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo Hotel lehibe any ivelany. Fanomezana sehatra ho an'ny tanora Malagasy mba ho matihanina eo amin'ny tontolon'ny fandraharaha-na " Hotellerie" eo amin' ny sehatra iraisam-pirenena no tanjona amin'ity fiarahamiasa ity.

***Franck Razakambelo***

Fiakaran'ny vidin'entana

# Ahiana ny hisian'ny fipoahana ara-tsosialy hoy Rabetsara Lita



*Ny filohan'ny mpiaro ny zon'ny mpanjifa, Rabetsara Lita.*


Niakatra tampoka ny vidin'ny entana ilaina amin'ny fiainana andavanandro, tao lohan'ny fahatongavan'ny Papa François teto Madagasikara ny herinandro lasa teo. Nanararaotra nampiakatra an'izany avokoa, na ireo mpivarotra na ny mpambongadiny satria mbola variana tamin'ny fiomanana sy ny fandraisana an'ity Lehiben'ny Fiangonana Katolika ity, na ny Mpitondra Fanjakana, na ny Mpitondra fivavahana, na ny vahoaka tsy mandady harona. Dieny mbola tsy lasa lavitra ny raharaha tokony hanara-maso haingana an' ireo entana mitoby « stock » any amin'ireo mpambongadiny ny Ministeran'ny Varotra sy ny Asa tanana hoy i Andriamatoa Rabetsaralita mpiaro ny zon'ny mpanjifa. Nanamafy ity farany fa miaraka mampiakatra vidin'entana avokoa ireo mpambogadiny ireo rehefa misy trangan-javatra miseho na misy tsaho miely. Tokony ho jeren'ny fitondram-panjakana ihany koa hoy ity mpiaro ny zon'ny mpanjifa ity ny fitobakin'ny entana avy any ivelany, ka ny fametrahana tataon-ketra na « taxe additionelle » ho an'ireo entana ampidirin'ny mpanafatra entana, mba hitovy tantana ny fifaninanana ara-barotra eo amin'ny vokatra Indostria Malagasy eto an-toerana sy ny Orin'asa vahiny no tanjona. Anjara asan'ny fanjakana hoy i Rabetsaralita no mijery akaiky ny fivoaran'ny vidin'entana ary mandray fepetra haingana mifanaraka amin'izany, mba hialana amin'ny fipoahana ara-tsosialy satria efa fadiranovana amin'ny fiatrehana ny fiainana andavandro ny vahoaka.

***Franck Razakambelo***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 292**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0291)

**Mitsivalana**
- Faranana
- Omena - As
- Misaraka
- Anana
- Koa (Miv) - To
- Sa - Rava
- Fy - Natao

**Mitsangana**
- Fomba
- Amy - Osy
- Resaka
- Nana (Miv)
- Naratra
- Taona (Miv)
- Naka
- Va(ry)
- Asa - Hao

### TENY MIFANAPAKA N° 292



**Mitsivalana**

**1.** Tsy voabata **2.** Vizana - Efatra romana **3.** Mitsingevana an-drano **4.** Rango-pohy fanamarinana - Faly (Miv) **5.** Filazam-potoana - Tsy fahasalamana **6.** Dimy sy roa - Ao amin'ny vata **7.** Taova (BR) - Vazan-tany (BR) **8.** Tampisaka - Eo amin'ny tarehy (BL) **9.** Ratsy masaka (BL) - Fanontaniana **10.** Rano mikoriana - Kilalao misy vola (Miv)

**Mitsangana**

**A.** Filaharana - Omby (Miv) **B.** Marihany **D.** Loza - Heloka **E.** Mpanoritra - Solfa - Feo miverina (BR) **F.** Sakamalao **G.** Tovana - Mpanondro toerana (Miv) **H.** Tsioka, tsoka **I.** Vokatra any Ankaratra - Teny fanamafisana (Miv) **J.** Hery sy tanjaka - Asaly **K.** Fotaka (BR) - Naoty (Miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0291

**Mitsivalana**

1. Fihavanana 2. Inetin (Niteny) - Ao 3. Vaninkazo 4. Anavaim (Maivana) - La 5. Vai(y) - NZ - Iar (Ray) 6. Tia - Na 7. Hiaro - Ozat (Tazo) 8. Ar (Rà) 9. Natahorana 10. Avo - Anarot (Torana)

**Mitsangana**

A- Fivavahana B. Inana - Irav (Vary) D. Henoina - To E. Ativ (Vita) - Roa F. Vinanto - Ha G. Ankizi - On (No) H. Am (Ma) - Aotra I. Ar J. Naolana - No K. Ao - Aratnat (Tantara)

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

**Poster Filoha Marc Ravalomanana mivady teny Soamandrakizay tamin'ny fandalovan'ny Ray Masina Fransoà.**

